



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha - Tenindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2023**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-253

TATITRY NY SA VITA NATAON'NY:

- MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA
- MINISITERAN'NY FAMPIANARANA ARA-TEKNIKA SY NY FANOFANANA ARAK'ASA
- MINISITERAN'NY MPONINA, NY FIAHIANA ARA-TSOSIALY SY NY FAMPIROBOROBOANA NY VEHIVAVY
- MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANAN'ASA, NY ASAM-PANJAKANA ARY NY LALÀNA SOSIALY

Fivoriana faha-14
Natao ny
Talata 30 May 2023
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany:- RASOLONJATOVO Honoré
- RABENIRINA Jean Jacques

FOTOANA: Talata 30 Mey 2023, tamin'ny 10 ora sy 35 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Tatitry ny asa vita nataon'ny:

- Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola
- Minisiteran'ny Fampianarana Ara-teknika sy ny Fanofanana arak'asa
- Minisiteran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy sy ny Fampiroboroboana ny Vehivavy
- Minisiteran'ny Asa, ny Fampananan'asa, ny Asam-panjakana ary ny Lalàna Sosialy

Nitohy ny Talata 30 Mey 2023, tamin'ny 10 ora sy 35 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques.

Nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Ramatoa Filoha, rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny nanatontosany izany.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola mba hanao ny tatitry ny asa vitan'ny Minisitera iadidiany nandritra ny taona 2022.

Toy izao no nambaran-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, tamin'ny fandraisany fitenenana, taorian'ny fiarahabana ny mpivory: ho fanatanterahana ny voalazan'ny andininy faha-101 ao amin'ny Lalàmpanorenana no antony anaovan'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ny tatitry ny asa vitany manoloana ny Solombavambahoaka amin'izao fotoana izao.

Mikasika ny tatitra hataony, nambarany fa mizara efatra lehibe ny firafitr'izany.

Voalohany, momba ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny ankapobeny na ny «gestion des finances publiques».

Mikasika ny lafiny fangaraharana, vita avokoa ireo «conférences budgétaires Régionales» natao tamin'ny Faritra rehetra ary efa nosokafana tany Taolagnaro ny «conférence budgétaire» ho an'ny taona manaraka.

Fomba fiasa vaovao iarahana amin'ny mpisehatra amin'ny fitantanam-bola io «conférence budgétaire» io ary ampandraisana anjara amin'ny fanaovana ny Tetibolam-panjakana daholo ny tomponandraikitra rehetra na olom-boafidy izany na olom-boatendry.

Napetraka ihany koa ny «portail internet» mba ahafahan'ny tomponandraikitra isam-paritra mampiditra ny hetaheta sy vinavinan'izy ireo ao amin'ny «application en ligne» amin'izay ho hitan'ny Minisitara avokoa ny fangatahana sy ny hetaheta rehetra isam-paritra.

Novalian'ny Minisitara ihany koa ny fanasana hiady hevitra nataon'ny fiarahamonim-pirenena tamin'ireo haino aman-jery samihafa tamin'iny taona lasa iny, raha ny fampiasam-bolam-panjakana no resahana.

Amin'izay lafiny mangarahara izay ihany; izany hoe mba ahafahan'ny rehetra manara-maso ny fampiasam-bolam-panjakana, vitan'ny Minisitara ny namoaka isaky ny 3 volana tao amin'ny tranokalany ny tatitra momba ny fampiasam-bola nandritry ny taona 2022 lasa teo iny. Anisan'ny nahazoan'ny Minisitara naoty tsara tamin'ireo mpiara-miombon'antoka, toy ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena io ezaka natao tamin'ny fangaraharana io.

Momba ny fanamaivanana ny fandrafetana ny tetibolam-panjakana, nanao ezaka ihany koa ny Minisitara tamin'ny fanazavana misimisy kokoa ireo «annexes» isan-karazany manampy ny volavolan-dalàna. Ohatra, raha nahatratra 715 pejy izany teo aloha, lasa 96 pejy izy amin'izao fotoana izao mba tsy hanahirana ny vahoaka ny fanarahana azy. Nifanampy manokana tamin'ny Minisitara misahana ny ara-tsosialy ihany koa ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tamin'ny fametrahana ny «plan annuel d'engagement» mba hahafantarana mialoha ny «engagement financier» izay tokony hatao ao anatin'ny taona iray.

Mikasika ny lafiny fampidiram-bolam-panjakana kosa, nitentina 3 394,2 Miliara Ariary ny hetra anaty tafiditra tamin'ny taona 2022, nahatratra ny 94%-n'ny vinavina natao izany. Ho an'ny hetra ambaravarana na ny vola azo avy tamin'ny “douanes” kosa, nahatratra 3 465,6 Miliara Ariary no tafiditra tamin'ny taon-dasa. Raha ny 5 volana voalohany amin'ity taona 2023 ity indray, mitentina 1 108,28 Miliara Ariary no efa tafiditra tamin'ny hetra anatin'ny ary 1 101,5 Miliara Ariary kosa ny hetra ambaravarana na ny «douanes».

Momba ny “investissement” nataon'ny Minisitara kosa, Faritra miisa 13 no nanaovana fotodrafitrasa, toy ny fanamboarana trano ho an'ny tahirim-bolam-panjakana na «hôtel des finances», trano ho an'ny sampandraharahan'ny hetra sy ny tetibola. Ireo no fotodrafitrasa natao tamin'ny «investissement».

Mikasika ny fampiasana ny “fonds COVID-19”, didim-panjakana no nametraka an'io “fonds” io ary manome alàlana amin'ny hampiasana azy rehefa misy ny “situation d'urgence” sy amin'ny tetikasa fanarenana araka ny voalaza tao anatin'ny PMDU na ny “Plan Multisectoriel d'Urgence”. Raha haka ohatra amin'izay fanarenana izay isika dia natao ny fanarenana ny tsy fanjarian-tsakafo tany Amboasary Atsimo sy Ambovombe ary Beloha, ireo izany no efa vita tamin'ny taona lasa.

Raha ny lafiny tsenam-baro-panjakana kosa, nanao ezaka tamin'ny fanaovana ny “digitalisation des procédures” ny Minisitera. Nahavita nanara-maso mialoha tsenam-barotra miisa 3 490 ny Minisitera tamin'ny taona 2022. Miisa 7 182 ny tsenam-baro-panjakana nanaovan'ny “Direction Générale du Contrôle Financier” fanaraha-maso tamin'ny taona 2022 ary miisa 276 kosa ho an'ny 5 volana voalohany amin'ity taona 2023 ity.

Momba ny fanatsarana ny hetra, natao ny fametrahana ny fandoavana hetra amin'ny alàlan'ny finday, ka napetraka ny hetsika anjara hetrako tamin'ny Faritra miisa 23 manerana ny Nosy. Natao izany hetsika izany, mba hanatontan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ireo mpandraharaha tsy mbola manana karatra maha ara-dalàna azy. Marihana fa ahafahan'izy ireo misitraka “service” samihafa eny anivon'ny banky sy ireo mpampindram-bola isan-karazany ny fahazoany an'izany karatra izany.

Faharoa, momba ny tamberin'andraikitra na «gouvernance et redevabilité».

Mikasika ny ady atao amin'ny kolikoly, nisy fifanarahana manokana nosoniavina nataon'ny Minisitera niaraka tamin'ny BIANCO (Bureau Indépendant Anti-Corruption) ny taona 2022, ka nanokafana malalaka ny varavaran'ny Minisitera amin'izay rehetra ilain'ny BIANCO.

Miisa 70 ny rafitra napetraka hanara-maso ny sampandraharaha eo anivon'ny Minisitera. Napetraka ihany koa ny sehatra «en ligne» any amin'ny “internet” mba ahafahan'ny olona rehetra manao «évaluation» ny mpiasa sy mandefa fitarainana atỳ aminay raha ilaina izany.

Mikasika ny eo anivon'ny fadintseranana indray, hosoka miisa 1 235 no tratra, ka nahazoana vola mitentina 96,79 Miliara Ariary tamin'izany.

Momba ny fisotroan-dronono, nahatratra 125 628 no isan'ireo mpisotro ronono voamarina ny fisiany tamin'ny taona 2022 ary miisa 7 460 kosa ireo fisotroan-dronono nofoanana noho izy ireo tsy nanara-dalàna.

Fahatelo, mikasika ny fampivoarana ara-toekarena sy ara-tsosialy. Ny vinavinan'ny tahan'ny harinkarena faobe tamin'ny taona 2022 dia 4,2%. Ny isa farany hita niaraka tamin'ny tahirimbola iraisam-pirenena tamin'ny “4^{ème} revue” teo dia tsy nifanalavitra loatra tamin'izany vinavina izany. Anisan'ny nahazoana izany taha izany ny fanondranana ara-dalàna ireo akora, toy ny “cobalt” sy “graphite” izay namaritra ny 70%-n'ny “devise” niditra teto Madagasikara tamin'iny taona 2022 iny.

Mikasika ny antontan'isa rehetra manodidina ny harinkarena faobe kosa, vitan'ny INSTAT (Institut National de la Statistique) araka ny andraikitra nosahaniny izany ary efa navoaka araka izany ny “tableau de bord économique” ho an'i Madagasikara. Vita ihany koa ireo karazana “enquête” maro tokony hiandraiketany raha izay antontan'isa izay no asiana teny. Anisan'izany ny nahavitana RGPH-3 (Recensement Général de la Population et de l'Habitation) tamin'ny fanadihadiana momba ny fahefa-mividin'ny isan-tokantrano sy mikasika ny tahan'ny vaksiny vita teto Madagasikara.

Eo amin'ny fampandrosoana eny ifotony dia iarahan'ny Minisitera amin'ireo mpiaramiombon'antoka toy ny Vondrona Eropéana izany. Maro ireo tetikasa nandroso sy vita tamin'iny taona 2022 iny. Anisan'izany ny tetikasa fanjakana ho an'ny daholobe, ny PCAON (Programme Complémentaire d'Appui à l'Ordonnateur National), ny fanatontosana ny

fanaharan'asa AFAFI (Appui au Financement de l'Agriculture et aux Filières Inclusives) manerana ny Faritra maro teto amintsika, ny tetikasa RINDRA.

Nahavitana nanolotra fitaovana maro ireo tetikasa ireo, toy ny fanamboarana tohadrano, fanamboarana "bassin versant", fanomezana masomboly manodidina ny 184 taonina, fanomezana karatra ireo mpamboly tany amin'ny Faritra SAVA ary fanomezana "moto pompes" miisa 58.

Fahaefatra, mikasika ny fanavaozana ireo karazan-dalàna nataon'ny Minisitara.

Anisan'ny sehatra ahitana lalàna sy didy mifehy maro indrindra ny Minisitran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Tsy maintsy ezahana hifanaraka amin'ny zava-misy eto amin'ny firenena avokoa ireo didy aman-dalàna ireo. Tsy ampy ny fotoana raha ireo no resahana, fa ny azo ambara dia miisa 32 ireo didim-pitondrana telomita nasiana fanavaozana tamin'ny taona 2022 iny ary mbola hitohy izany amin'ity taona 2023 ity.

Nisaotra an-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, tamin'ny nanaovany ny tatitry ny asa vitany, Ramatoa Filoha, taorian'izay ary nomeny fitenenana kosa ny Minisitry ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana Arak'asa mba hahafahany hanao ny anjarany.

Fiarahabana ny rehetra no nataon-dRamatoa VAVITSARA Gabriella Rahantanirina, Minisitry ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana Arak'asa, voalohany.

Nambarany fa ny iraka sy adidy aman'andraikitra sahanin'ny Minisitara iandraiketany dia miantsoroka ny hahafahan'ny olona rehetra hivoatra eo amin'ny fiainana satria ezahina hifanaraka amin'ny filàn'ny Faritra rehetra misy eto amin'ny nosy ny fanofanana arak'asa atolotra.

Mifantoka amin'ny fanatanterahana ny velirano faha-4 sy faha-6 nataon'ny Filohampirenena ny asa rehetra atao. Izany hoe, fanabeazana ho an'ny rehetra sy asa mendrika ho an'ny rehetra.

Mikasika ny famoronana sy fanavaozana ireo toerana fampianarana ara-teknika sy fanofanana arak'asa, efa nahavita ivon-toerana fampianarana sy fanofanana arak'asa vaovao na ny "Centre de Formation Professionnelle de Référence" (CFPR) miisa 5 ny Minisitara. Afaka mandray mpianatra miisa 600 ireo CFPR ireo ary efa miezaka hanome fampitaovana azy ireo izahay ato anaty fotoana fohy mba ahafahany mandray mpianatra vaovao amin'io taom-pianarana manaraka io.

Ankoatran'ireo CFPR voalaza teo ireo, efa manomboka koa ny fanamboarana ireo foibe fampianarana sy fanofanana arak'asa manara-penitra na ny "Centre de Formation Professionnelle d'Excellence". Efa vita ny 20%-n'ny asa ary mahazaka mpianatra maherin'ny 800 isa izany. Napetraky ny Minisitara isaky ny renivohi-paritany eto Madagasikara izany amin'izao fotoana izao.

Nahazoana vokatry tsara ny fiaraha-miasa tamin'ireo mpiara-miombon'antoka, toy ny UNESCO (Organisation des Nations Unies pour l'Education, la Science et la Culture) satria nisy CFP (Centre de Formation Professionnelle) vaovao natsangana sy notokanana, toy ny tao Ranopiso sy Sambava.

Misy ihany koa ny fiaraha-miasa eo amin'ny firenena Malagasy sy ny firenena Marôkana, ka nahatanterahana fanamboarana foibe fanomanana arak'asa antsoina hoe: "complexe de formation professionnelle Mohamed VI" ao Antsirabe ary miandry ny fotoana hitokanana azy isika sisa.

Ny mpampianatra sy mpandraharaha rehetra amin'io "complexe Mohamed VI" io dia efa nisitraka fiofanana sy fampihofanana avokoa mba hahafahany misokatra avy hatrany rehefa tonga ny fotoana hanokafana azy.

Misokatra amin'ireo firenena avy any ivelany koa ny Minisitery amin'ny alalan'ny fanatsarana na "réhabilitation"-n'ireo ivon-toeram-pampianarana teknika sy fanofanana arak'asa eto amintsika. Miara-miasa amin'ny "Organisation Internationale de Travail" na ny OIT ihany koa ny Minisitery ka nahafahana nanamboatra «centre de formation professionnelle féminine» izay natokana ho an'ny vehivavy araka ny anarany ka any Mananjary no nanorenana izany.

Hanolotra toeram-pampianarana vaovao miisa 15 ny Minisitery ato ho ato, ka anisan'ny hisitraka izany ireto Faritra manaraka ireto: Analamanga, Bongolava, Sofia, Diana, Ihorombe, Anosy, Androy, Amoron'i Mania ary Vakinankaratra.

Momba ny fanofanana sy fampianarana vita kosa, miisa 33 694 ireo mpianatra nisitraka ny fampianarana teknika sy fanofanana arak'asa teny anivon'ny lisea teknika sy foibe fanofanana arak'asa manerana ny nosy.

Miezaka manome fanofanana arak'asa ho an'ireo sokajin-taonan'ny olona koa ny Minisitery amin'izao fotoana izao, ka hita ao anatin'izany ny tanora, ny olon-dehibe, ny lehilahy, ny vehivavy ary ny olona manana fahasembanana. Samy afaka misitraka izany avokoa izy ireo, fa tsy misy avakavaka. Miisa 20 492 ny fitambaran'ny olona nisitraka izany nanerana ny nosy tamin'ny 5 volana voalohany tamin'ity taona 2023 ity.

Momba ny fanovàna nataon'ny Minisitery teo amin'ny resaka fitantanana dia maro ny zavatra vita, fa ny tena nisongadina tamin'izany no hambara eto.

Voalohany, ny fanovàna ny fomba fizarana ny tetibola teo anivon'ny Minisitery, 55% amin'ny tetibola fanodinana na "crédit de fonctionnement", izay vola manokana an'ny Minisitery no nalefa tany amin'ny Faritra mba hahafahany miasa avy hatrany fa tsy hiandry ny Minisitery intsony.

Ny vola natokana ho an'ny fampianarana na "fonds commun de l'éducation" kosa dia 80% no nozaraina eny anivon'ny Faritra tamin'ny alalan'ny Fitaleavam-paritra na ny Tale isam-paritra.

Anisan'ny nasiana fanovàna koa ny resaka fampianarana sy fampiofanana. Noho izany, ny fampianarana sy fampiofanana rehetra dia maimaimpoana avokoa ho an'ny mpianatra andakilasy sy ho an'ny mpiofana arak'asa satria noraisin'ny Minisitery an-tànana ny mikasika izany. Natao laharam-pahamehana manokana ny fanofanana arak'asa sy fampianarana ny asa fototra ho an'ny tanora sy ny olon-dehibe izay tsy mianatra intsony mba ahafahan'izy ireo miditra avy hatrany amin'ny sehatry ny asa mba ho antoka amin'ny fampandrosoana ny fiainany izany.

Faharoa, efa nivoaka sy nankatoavina tamin'ity taona 2023 ity ny lalàna momba ny sori-dàlana ankapobeny mikasika ny rafi-panabeazana sy fanofanana arak'asa eto Madagasikara

izay iarahan'ny Minisitera telo misahana ny fanabeazana miasa dia ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, ny Minisiteran'ny Fampianarana Ara-teknika sy ny Fanofanana arak'asa ary ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa. Vonona hanatanteraka ny voalaza rehetra ao anati'io sori-dàlana io ny Minisitera ary hanitsy ny fomba fiasa rehetra mba hifanaraka amin'izany mba hahafahana mamaly izay rehetra ilaina amin'ny tsenan'ny asa.

Efa mijery karazan'asa misy eny ifotony koa ny Minisitera amin'izao fotoana izao ka nametraka tahiry momba ny asa na "répertoire des métiers" mikasika ny haitao amin'ny fifandraisana. Antoka lehibe ahafahana mampifanandrify ny fiofanana amin'ny tsenan'ny asa izany satria hita ao avokoa ireo karazan'asa tokony hataon'ny sokajin'olona samihafa.

Namolavola lasi-panofanana maro koa ny Minisitera mba hifanaraka amin'ireo tsenan'ny asa misy amin'ny vanim-potoana ankehitriny.

Nampahafantarina ny ady atao amin'ny kolikoly sy ny voka-dratsin'ny zava-mahadomelina koa ny mpampiofana rehetra mba tsy hironany amin'ny fitondran-tena tsy mendrika.

Laharam-pahamehana ho an'ny Minisitera ny fanampiana ny isan'ireo ivon-toeram-pampianarana sy ny fanatsarana ny fampiofanana ny mpampiofana na ny "formation des formateurs". Teo anatrehan'izany, miisa 600 ny mpampianatra mpanampy noraisina ho mpiasam-panjakana raikitra mba hanampy ireo mpampianatra efa misy manerana an'i Madagasikara.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa VAVITSARA Gabriella Rahantanirina, Minisitry ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana Arak'asa, tamin'ny tatitra nataony, Ramatoa Filoha, nomeny fitenenana indray ny Minisitry ny Mponina mba hahafahany manao ny tatitry ny asa vitany.

Fiarahabana ny rehetra tahaka ny nataon'ny Minisitry namany teo aloha no nanombohan-dRamatoa SOAFILIRA Princia, Minisitry ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy sy ny Fampiroboroboana ny Vehivavy, ny fitenenana.

Nambarany fa laharam-pahamehan'ny fanjakana amin'izao fotoana izao ny fanatsarana ny fari-piainan'ny Malagasy tsy vakivolo amin'ny alalan'ny fiahiana ara-tsosialy.

Mba ho fampiharana izany, natao ny tetikasa haraton'aina ka ny IDA (Association Internationale de Développement) no nanome tohana tamin'izany niaraka tamin'ny fanjakana Malagasy. Ny antony, mba hahafahan'ny vahoaka mivoatra amin'ny fiainany na misy aza ny tsy fahampiana.

Mizara tetikasa maro ny FSS na ny "Filet de Sécurité Sociale". Anisan'izany ny asa avotra mirindra, ka miisa 115 268 ny tokatrano nisitraka izany ary Distrika miisa 21 eto Madagasikara no nanatanterahana azy. Ao anatin'izany koa ny vatsin'ankohonana izay naporitaka tany amin'ny Distrika miisa 23, ka ankohonana miisa 217 228 no misitraka azy teto amintsika.

Ny tetikasa haraton'aina an-tanàn-dehibe kosa dia natao hanohanana ny fiarenan'ny ankohonana sy ho fitsinjovana ny fototra mahaolona ka ankohonana miisa 27 941 no nisitraka izany tany amin'ny Distrika 3 eto Madagasikara. Ankohonana miisa 632 799 kosa no nisitraka ny asa vonjy voina, ka ireo Faritra nosokajian'ny BNGRC (Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes) fa traboina no nomena fanampiana.

Momba ny tetikasa zara mira, ny UNICEF (Fonds des Nations Unies pour l'Enfance) no tena manohana azy ary ny FID (Fonds d'Intervention pour le Développement) kosa no manatanteraka ny asa eny ifotony, ka ankohonana miisa 12 935 no nisitraka izany.

Nanatanteraka Zoma fifanampiana ihany koa ny Minisitery mba hanamaivanana ny fahasahiranana andavanandron'ny mponina tamin'ny alalan'ny fanomezana sakafo masaka, akanjo, fitaovam-pianarana ary fizahana ara-pahasalamana maimaimpoana. Notanterahina manerana ny Faritra 23 eto amin'ny firenena izany, ka tokantrano miisa 279 308 no nisitraka izany.

Ankoatran'ireo, hametraka "Rezistra Sosialy Tokana" ihany koa ny Minisitery mba hahafahana manana antontan-kevitra mikasika ny tokantrano misy eto Madagasikara sy ahafahana mijery mialoha ny olona tokony hisitraka fanampiana na tsia. Ny antony ametarohana io Rezistra dia manamora avy hatrany ny sivana atao amin'ny fanomezana izany fanampiana izany. Amin'ity taona 2023 ity dia tokantrano miisa 60 000 no hampidirina ao anatin'io Rezistra io ary Faritra miisa 5 no hanaovana ny andrana alohan'ny tena hampiharana azy, ka ireto avy izy ireo: Analamanga, Anosy, Atsinanana, Atsimo-Andrefana ary Fitovinany.

Mikasika ny fifampitondrana amin'ny mahaolona kosa, olona miisa 42 144 izay sokajiana ho marefo na traboina na niharan'ny herisetra mifototra amin'ny mahalalahy na mahavavy no noraisina an-tànana manerana ny Faritra 23 eto amintsika, ka ny 75%-n'ireo dia vehivavy avokoa. Izany hoe, hatreto dia ny vehivavy no tsapa fa tena ianjadian'ny herisetra.

Nomena fiofanana ireo mpiantsehatra amin'ny fanoherana ny fanaovana herisetra sy ny fanararaotana ara-nofo, Faritra vitsivitsy aloha no nosafidina nanaovana izany. Vokatrizay, olona miisa 617 no nahazo fiofanana ho fanatsarana ny tolotra amin'ny fandraisana an-tànana ireo niharan'ny herisetra na ara-nofo izany na ara-moraly.

Laharam-pahamehana ho an'ny Minisitery koa ny fanohanana manokana an'ireo vehivavy na ireo fikambanam-behivavy mba hahafahan'izy ireo mandray anjara feno amin'ny fampanandrosoana ny ao an-tokantranony sy eo anivon'ny fiaraha-monina ary indrindra ho an'ny firenena.

Momba ny fiarovana ny ankizy sy ny zony, laharam-pahamehana tokoa izany satria ny ankizy no ho avin'ny firenena. Ankizy marefo miisa 47 441 manerana ny Faritra 23 no noraisina an-tànana hatramin'izao sady ampahafantarina miandalana momba ny zony. Nohenoina izy ireo ary nojerena manokana ka 20 851 tamin'izy ireo no nahazo kopia nandritry ny ezaka kopia faobe niarahana tamin'ny Minisiteran'ny Fitsarana sy ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana sy ireo ratsamangaika eny ifotony.

Miisa 275 758 ireo ankizy nisitraka ireo tolotra fototra ara-tsosialy teny anivon'ny fiaraha-monina ao anatin'ny fanatanterahana ny fandaharan'asa haraton'aina teny amin'ny Faritra. Miisa 50 ireo akany nomena fahazoan-dàlana vonjy maika hahafahan'izy ireo mandray ireo ankizy niharan'ny herisetra.

Ankoatran'ireo asa mivaingana mikasika ny vehivavy sy ny ankizy, maro ireo asa an-dalam-pahavitana, ka anisan'izany ny volavolan-dalàna lasitra momba ny fitovian-jo ho an'ny lahy sy vavy (égalité homme femme), eo ihany koa ny fijerena ny politika mikasika an'io fitovian-jo io.

Ho an'ireo zokiolona kosa, miisa 112 753 izy ireo no nisitraka tohana ara-tsakafo sy fitaovana ahafahany mampidi-bola, nisy koa fizarana fitafiana sy bodofotsy ary tolotra ara-pahasalamana ho azy ireo.

Nisy ivon-toerana iray natsangana natokana handraisana ireo zokiolona ao amin'ny Distrikan'Antananarivo Atsimondrano, mba hahafahany mahazo torolàlana indrindra mikasika ny fananan-tany sy tolotra ara-pahasalamana ary toerana ahafahana mivory ihany koa.

Mikasika ny fampiatiana ny olona manana fahasembanana sy ny zokiolona kosa, hisy ny fampifanarahana ny lalàna laharana faha-97-094 mikasika ny zon'ireo manana fahasembanana amin'ny "convention internationale sur les droits des personnes handicapées". Hatao ny fanatsarana ny volavolan-dalàna momba ny fampivoarana sy fiarovana ny zon'ny zokiolona, ka hisy ny fakana sosokevitra avy amin'ireo Minisitery hafa alohan'ny hampidirana ny volavolan-dalàna eo amin'ny Filankevitry ny Governemanta.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa SOAFILIRA Princia, Minisitry ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy ary Fampiroboroboana ny Vehivavy, Ramatoa Filoha, nomeny fitenenana farany Andriamatoa Minisitry ny Asa, ny Fampananan'asa, ny Asam-panjakana ary ny Lalàna Sosialy.

Fisaorana an-dRamatoa Filoha, tamin'ny fanomezana fitenenana azy no nataon'Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco, Minisitry ny Asa sy Fampananan'asa, ny Asam-panjakana ary ny Lalàna Sosialy voalohany ary taorian'izay niarahaba ny mpivory koa ny tenany.

Nambarany fa mizara telo miavaka tsara ny andraikitry ny Minisitery sahaniny. Ao ny asa sy lalàna sosialy, ao ny fampananan'asa ary ao koa ny asam-panjakana.

Marihana fa nisy ny zava-bita teo aloha ary misy koa ny mbola hotohizana amin'ity taona 2023 ity.

Nomarihany fa mpikambana vaovao ao anaty Governemanta ny tenany, tsy atao sakana anefa izany satria tsy maintsy misy ny fitohizan-draharaham-panjakana, ka hanao izay tatitra izay no ahatongavana eto.

Mikasika ny fampiharana ny fanjakana manakaiky vahoaka, nanao fanorenana trano vaovao ho an'ireo Talem-paritra tany amin'ny Faritra vitsivitsy ny Minisitery. Misy amin'izy ireny no efa notokanana, misy kosa ny hotokanana amin'ity taona 2023 ity.

Momba ny fampitaovana, hanome fiara 4x4 ho an'ireo olona miasa amin'ny "Direction Régionale" ny Minisitery satria izy ireny no manara-maso ny asa rehetra sady mandeha lavitra no ratsy koa ny ankamaroan'ny lalàna. Ireo fiara ireo no heverina fa fitaovana azo anatanterahana izany asa izany; ohatra, ny fanaterana ny taratasy momba ny asam-panjakana hialana amin'ny fisian'ny "fonctionnaire fantôme".

Mikasika ny asa sy ny lalàna sosialy indray, nisy ny fidinana ifotony tamin'ny orinasa maro mba hijerena ny zon'ny mpiasa. Ohatra amin'izany tany Antsiranana, tao amin'ny orinasa SECREN, tany Fianarantsoa, tao amin'ny orinasa Lazan'ny Betsileo.

Marihana fa matetika koa ny Minisitera no mandray fitarainana avy amin'ireo "zone franche" mampiasa olona marobe eto amintsika. Noho izay fitarainana voaray izay, nisy ny fitsiriana natao tamin'izany. Tsapa taorian'izay fa misy ny tsy fanajana ny zon'ny mpiasa amin'ireny toeram-piasana ireny. Efa nandray ny andraikitra tandrify an'izay ny Minisitera ary mbola mitohy izany amintsika miteny izao.

Tamin'ny fidinana tany amin'ny Faritra Atsimo, nisy ny fijerena ireo zaza tsy ampy taona maro mandeha miasa amin'ireny "carrières" fitrandrahana vato ireny. Niara-niasa tamin'ny Minisitera tamin'izany ny ONG PAC (Paix et Action Concrète) nampahafantatra fa voaran'ny lalàna ny fampiasana azy ireo. Izany hoe, nanao fanentanana ireo olona mba tsy hampiasa an'ireo ankizy ireo intsony.

Nahitana orinasa miisa roa mamboly sy mikarakara taretra koa tany Amboasary Atsimo, nanaovana fitsirihana izy ireo satria nikatona tampoka ny orinasa izay nampiasa olona an'arivony. Niara-nijery vahaolana tamin'ny tompon'ny orinasa ny Minisitera hanokafana indray azy ireo mba hiverenan'ny asan'ny mponina amin'ny laoniny. Mbola miandry izay vokatry ny fifampidinihana izany isika hatramin'izao.

Mikasikany fanatsarana ny tontolon'ny asa sy ny fari-piainan'ny mpiasa, hisy volavolan-dalàna momba izany ho tonga eto amin'ny Antenimierampirenena tsy ho ela, ka hiarahandinika azy ianareo Solombavambahoaka sy izahay avy amin'ny Minisitera. Amin'ny ankapobeny, mikasika izay tontolon'ny asa izay, momba ny fahasalamana sy ny fiarovana ny mpiasa eo amin'ny asa ataony no tena voaresaka ao amin'io "convention" izay ho avy eto amin'ny Antenimierampirenena io.

Momba ny lalàna mifandray amin'ny asa izay ihany, nisy didim-panjakana samihafa navoaka mikasika ny hampiakarana ny karama farany ambany eto amintsika.

Mikasika ny fampananan'asa indray, nojerena manokana ny vehivavy amin'ny ankapobeny, ny reny mananon-tena ary ny tanora amin'ny alalan'ny fampiofanana omena azy ireo. Marihana fa maro ny sekoly miara-miasa amin'ny Minisitera amin'izany fanomezana fampihofanana izany, toy ny vondrom-pampianarana ACCEM sy UCM na ny "Université Catholique de Madagascar" sy ireo vondrom-pampianarana hafa misy eto amintsika.

Raha ny asam-panjakana indray no asiana teny, anisan'ny laharam-pahamehan'ny Minisitera iadidianay ny fampiharana ny rindran-damina na ny "AUGURE" mba ahitana ny tena isan'ny mpiasam-panjakana miasa ara-dalàna marina eto Madagasikara. Misy koa ireo mpiasa heverina fa "fantômes" kanefa rehefa jerena, hita fa ny fanjakana mihitsy no tsy nampiasa azy ireny kanefa tokony hitondra soa ho an'ny firenena ny asa ataon'izy ireo.

Tombony amin'ny fampiasana an'io rindran-damina io ny fametrahana "compte agent" izay ahafahan'ny mpiasam-panjakana rehetra mijery ny momba azy amin'ny alalan'ny finday amin'ny fotoana sy toerana rehetra tiany ijerena izany. Natao ny fampiasana azy io mba tsy hialan'ny mpiasam-panjakana ela loatra amin'ny toeram-piasany, toy ny mpitsabo na mpampianatra, amin'ny fikarakarany ny taratasy momba azy. Noho izay antony izay, voatery miandry ny fiverenany vao afaka misitraka ny raharaha ilainy ny olona ary miteraka voka-dratsy eo amin'ny asa ny tsy maha ao amin'ny toeram-piasana an'ireo mpiasam-panjakana ireo.

Ankoatra ny asa mahazatra ny Minisitery, samy manana ny Faritra ahiany ny Minisitry tsirairay, ka ny Minisitry ny Asa, ny Fampananan'asa, ny Asam-panjakana ary ny Lalàna Sosialy dia miahya ny Faritra Matsiatra Ambony sady miara-miasa ihany koa amin'ny Minisitery rehetra.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco, Minisitry ny Asa, ny Fampananan'asa, ny Asam-panjakana ary ny Lalàna Sosialy tamin'ny tatitra nataony, Ramatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraky ny Antenimierampirenena.

Nanao satroka anefa Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta ka nomena fitenenana. Ny hanomezan'ny Minisitery manao tatitra ny "version numérique" ny tatitra ataony no nangatahany satria tsy hita tsara ny soratra amin'ny "version papier".

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, ka anio Talata 30 Mey 2023, amin'ny 3 ora, tolak'andro, hitohy ny fanaovan'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ny tatitry ny asa vitany. Ny Mpitahiry ny Tombokasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana, ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina, ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Minisitry Lefitra misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy Fiompiana.

Ny Alakamisy 1 Jona 2023, amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivorian'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena, ka amin'izay no hijerena ny fotoana hanatanterahana ny fihaonan'ny Solombavambahoaka amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta na ny "face à face".

Nanentana ny Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha, mba havitrika amin'ny fanatrehana ireo fivoriana ireo.

Niato tamin'ny 12 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.


RAZANAMAHASOA Christine Harijaona